



Misy lalana nampitondrain'ny kaominina ny anaran'i Dedesse

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 1 aogositra 2023

Laharana 1458

Vidiny : 600 Ar

Vohiposa Ambohimahaso. Fifidianana

6

Terena hitanila sahady ireo Préfet sy Sefo Distrika, hoy Ravalo



Serge Imbeh Jovial sy ny Filoha Ravalomanana

2

Hiara-hanoratra pejy vaovao ho an'ny taranaka sy ny tanindrazana



Manamboninahitra zandary namono tovolahy

6

Tsy tany Befotaka Nord ihany fa efa nisy koa tany Andilamena



Miala Rajoelina

6

Tsy tokony ho vita mora ny finjavany naka zom-pirenena Frantsay

J - 39

Randriamanalintsoa Ihajason

3

Raiso ny hevitra ny rehetra ho fanatsarana ny zotram-pifidianana

Frankofonia 2023 basket-ball

5

Tafakatra amin'ny dingan'ny 1/4-dalana ny Ankoay

Daka kely



Ary toa tsy mba mankany Ankaramalaza mihitsy ialahy ry Boaikely a !

FILOHA RAVALOMANANA

Niatrika hatrany ny atrikasa nokarakarain'ny CENI

Tontosa ny alakamisy teo, teny Ambodivona, tao amin'ny Hoitel Radisson Blue, ny atrikasa faha-3 momba ny fifidianana nokarakarain'ny CENI sy mpiantsehatra politika eto Madagasikara, ka nahitana mpikambana avy amin'ny antoko samihafa ary koa vahiny samihafa, ambasadaoro, mba hahafantarana misimisy ny ho fizotry ny raharaham-pifidianana ho tanterahina eto amin-tsika ny 9 novambra sy 20 desambra ho avy izao raha hisy fihodinana faha-2. Niatrika ny atrikasan'ny CENI hatrany ny filoha nasionalin'ny antoko TIM Marc Ravalomanana. Nahazo anjara fitehenana izy, ka nanindry mafy hatrany, fa mba tsy hisy ny fifidianana maizina, fa mba ho madio sy eken'ny rehetra ny fifidianana ho avy. Tsy maintsy miezaka ny rehetra mba tsy hisian'ny kolikoly intsony, hiarovana ity tanindrazana malalantsika ity. Tokony hahaleotena hatrany ny Ceni, ka tsy tokony hihaino izay sakantsakana avy amin'ny governemanta sy ny Emmoreg ohatra, ka hibahana izay antoko hafa amin'ny fanentanana tokony hataony, mba mandraisa andraikitra ry Ceni, hoy hatrany izy, aza miandany amin'ny kandidan'antoko politika, fa aleo vakiana bantsilana ny teti-dratsy rehetra, tsy hanaiky lembenana ireo fepetra mety hiteraka hosoka amin'ny fifidianana izay hatao.



Ny filoha Marc Ravalomanana, nanoloana ny atrikasa faha-3 nataon'ny CENI.

Teo anoloan'ireo izay nasaina, mpikambana vitsivitsy avy amin'ny governemanta sy ireo avy amin'ny ambasadaoro samihafa, no nanambaran'ny filoha Ravalomanana izany, ary nahenoana ny teny nataon'ny

ministry ny ati-tany ihany koa, ny hanampiany ny Ceni araka izay tandrify azy, ka mba ho famahana didimpanjakana momba ny fanatanterahana fifidianana amin'ny fomba madio. Tsy niala tao am-bavan'ny filoha Marc Ravalomanana mihitsy ny hoe : vonona hiatrika fifidianana hatrany izy, mirotsaka amin'ny fomba madio sy mazava ary manentana ny olom-pirenena mba handatsa-bato ara-dalana sy am-pilaminana ihany koa rehefa ho tonga ny androm-pifidianana amin'ity taona ity.

Beharo

Serge Imbeh Jovial sy ny Filoha Ravalomanana

Hiara-hanoratra pejy vaovao ho an'ny taranaka sy ny tanindrazana

Tafaresaka tamin'ny kandida filohampirenena tamin'ny taona 2018, sady ao amin'ny antoko AFIMA : Antoky ny Fivoaran'ny Malagasy, Serge Imbeh Jovial ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Anisan'ireo Malagasy monina any ivelany, niatrika ny fahaonana tamin'ny filoha Marc Ravalomanana farany teo tany Frantsa izy. Dinidinika :



Ny mpanao politika Serge Imbeh Jovial, efa kandida filohampirenena.

-Gazety Ny Valosoa Vaovao (GNVV) inona no nahatonga anao nanatrika ny fahaonana filoha Ravalomanana tamin'ny diaspora farany teo iny tany Frantsa ?

-Serge Imbeh Jovial (SIJ) : nisy ny fifampiresahana teo aminay mirahalaha mianaka ary nanasa ahy izy, ny hanatrika iny fahaonana iny, hifandinika sy hijery ny ho avin'ny firenena. Araka ny fantatra-tre dia filohan'ny antoko AFIMA ny tena : antoko Antoky ny Fivoaran'ny Malagasy, manana olomboafidy vitsivitsy any amin'ny comune ary miara-mahatsapa ny fahoriam-bahoaka sy ny zavatra rehetra mianjady eto amin'ny firenena. Nifampizarana ny fomba fijery izahay ary tiako ny maneho etoana fa efa nisy ny firaha-miasa teo aminay sy Filoha Ravalomanana tamin'ny fifidianan fihodinana faharoa ny taona 2018. Tsy mifanalahitra ny programan'asanay sy ny fomba fijery : «Fampandrosoana an'i Madagasikara ».

-SIJ : ny hanambatra ny hery rehetra satria tsy ho vitan'olo-tokana izy ity. Hijery miaraka ny fomba rehetra hanarenenana ny firenena sady hanoratra indray ny pejy vaovao ho an'ny taranaka sy ny tanindrazana.

-GNVV : ny fahitanao ilay caution na antombola 200 million Ar amin'ny fifidianana ?

-SIJ : tsotra dia tsotra ny ahy, satria tsy manaradala io. Lalana fehizoro 2018-009 sy 2018-008 no mbola ampiasaina amin'izao fifidianana izao ary fantantsika tsara 50 million d'ariary no voasoratra ao amin'io lalana io. Raha misy ny fanovana dia tsy maintsy mandalo eny amin'ny Antenimierampirenena. Efa tsy mahagaga moa ny tsy fanarahana lalana misy eto amin'ny firenena.

lina nangataka ny zompirenena Frantsay ?

-SIJ : mazava ny lalana ary tsy mila adika akory, araka ny voalazan'ny article 42 de la code de nationalite ary mifandraika amin'ny article 46 ao amin'ny lalam-panorenana. Ny olona minia mandika vilana, indrindra ireo mpahay lalana dia manao ny atao hoe "Denis de la realite ", sy tsy manana ny atao hoe "honnêteté intellectuelle ". Tsy mila idirana lalina akory io, fa efa mazava ny atao hoe NATURALISATION. Izy no nangataka ary ampy taona izy nanao an'izany. Efa nanana andraikitra ambony teo amin'ny firenena izy no nangataka izany. Amiko manokana dia miombonkevitra amin'ireo mampiasa ny teny hoe: HAUTE TRAHISION aho.

-GNVV: tokony havela hirotsaka ihany ve ny Filoha Rajoelina raha

izany sa tsia?

-SIJ: tsy misy ambonin'ny lalana na iray aza. Rehefa tsy mahafeno ny fepetra rehetra dia tsy afaka mirotsaka. Andraikitra ny HCC sy ny Fitsarana mamoa ka ny certificat de nationalite izay taratasy tadiavina amin'ny firosahana ho fidiana no manameloka tanteraka izany ary mampahafantatra mazava amin'ny vahoaka Malagasy.

-GNVV:; aminao, misy mbola tokony hahitsy ve ny lalam-pifidianana?

-SIJ: aoka isika tsy hanadino ny tantara. Io lalam-pifidianana io lo nampidina ny 73 deputes teny amin'ny kianjan'ny 13 mey. Inona ny antony, tsy mety amin-dry zareo ilay lalana. Nefa nahoana indray 5 taona aty aoriana dia io ihany no ampiasaina? Mila lalana ho an'ny firenena isika, fa tsy lalana ho an'olombitsy. Raha io lalana amin'izao io anie dia mila bulletin numéro 1, 2 sy bulletin numéro 3 e. Tsy mino aho, fa mahafeno ny fepetra ny filoha amperin'asa.

-GNVV: ahoana kosa ny mahakasika ny CENI sy HCC amin'izao?

-SIJ: mampalahelo satria hatrany amboalohany mihintsy no efa nanome ahiahy sy tsy fifampitokisana amin'ny mpanao politika izy ireo. Hadinontsika ve fa ny vadin'ny filohan'ny CENI anie tao amin'ny governemanta

Ny Valosoa sy faka-faka

Fitsarana bakalorea Miankina amin'ny mpampianatra ny zava-drehetra

Hanaiky ny tambitambin'ny mpitondra fanjakana, sa hijoro amin'ny maha mpampianatra sy mpanabe azy marina ireo mitsara ny fanadinana bakalorea amin'izao fotoana izao ? Misy ny fifampidiniana eo amin'ny mpampianatra mpitsara ny fanadinana sy ny tomponandraikitra, ao anatin'izany ny avy amin'ny ministera, ifandaminana amin'ny fomba hitsarana ny nataon'ny mpiadina. Mazava loatra fa mifandraika amin'ny zava-misy teto amin'ny firenena sy nitranga, no hamaritana ny fomba fitsarana. Ka miankina araka izany amin'ireo mpampianatra ny ho vokatry ny fitsarana fanadinana. Matetika dia eo amin'ireo mpampianatra mitsara ny fanadinana taranja tantara-jeografia no misy indro kely. Misy sasany amin'izy ireo mantsy no marisarisa ihany amin'ny fahitana devoara amin'ny teny malagasy; ary indrindra nisy ireo toe-javatra mamohetitra nitranga nandritry ny fotoam-panadinana izay niarahanahalalala sy nahita ireny. Dia ho sanatria ho mpampianatra manenjika vola fotsiny ve izy rehetra ireo, fa izay vokany any dia vokany? Ho lasibatra amin'izany ny zanaka malagasy.

Ho hatraiza ihany koa ny voka-panadinana? Ho hentitra amin'ny fetran'ny naoty ekena ho afa-panadinana na ny "délibration", fa fanadinana bakalorea no natao sy nitsinjovana ny tsy hihenana ny lanjan'ny diplôma amin'izany, sa hihevitra ny kajikajy politikan'ny fitondrana ankehitriny naroso tao? Ho hita eo ny amin'izany, fa any amin'izy ireo ny baolina araka ny fitenenana. Hisy lanja ny fanadinana bakalorea sy ny diplôma amin'izany dia noho izy ireo, na tsia dia mbola noho izy ireo ihany koa. Nambara, fa afaka iray volana eo no hivoaka ny valim-panadinana ka dia samy miandry ny rehetra, indrindra ireo mpiadina aman'hetsiny manerana ny Nosy niatrika izany.

Ho hita eo ihany koa na mbola hisavoritaka hifanosika miady laharana toy nisy taona vitsivitsy lasa izay izy ireo rehefa maka ny saran'ny nitsarana fanadinana, ka tsy hisaina hahatsiaro intsony ny maha mpampianatra sy mpanabe azy, fa mipetraka ho toy ny mpikarama matahotra tsy hahazo vola na ho taraiiky vao hahazo ny anjarany. Rehefa mahita ireny toe-javatra ireny, dia misintona saina hihevitra fa noho ny ataon'izy ireo ihany koa no mampihena ny lanjan'ny fampianarana sy indrindra ny mpampianatra eto Madagasikara. Izy ireo ihany koa no mampikorosy ny anjara toeran'ny mpampianatra, satria tsy mipetraka ho môtely ho tarafin'ny hafa. Ahitana lesoka lehibe hatrany ity seha-pampianarana ity ary isehoan'olana samihafa isan-taona. Ny fototr'izany dia ny tsy fahaizan-draharahan'ireo tomponandraikitra ihany, ary miainga avy any amin'ny minisitera misahana azy izany.

Sôh'son

nandritra taona maro e! ary ihany koa ny Vadin'ny SGAP dia ao amin'ny HCC. Misy ny atao hoe "CONFLIT D'INTERETS MANIFESTE". Fomba ahoana no tsy ampiahiahy ? lasa fitantanampianakaviana ireo andrim-panjakana ireo.

lalina, satria ny ho avin'ny firenena sy ny taranaka no ho banjinina.

-GNVV: hafatra ho an'ny vahoaka Malagasy Andriamatoa Serge Imbeh Jovial:

Mila olona manana vinam-piarahamonina matotra sy fahaiza-manana ny firenena. Ho an'ny mpanohitra rehetra: aoka isika hanambatra ny hery rehetra hahafahantsika miatrika miaraka izao fifidianana izao. Avelao ny hambompo diso toerana. Mitady aina vaovao ny firenena ary mitady fampandrosoana haingana.

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy hadihady

Miala Rajoelina. J- 39

Tsy tokony ho vita mora ny finivany naka zom-pirenena Frantsay

Tsy tokony hangina velively na tsy horesahana ny momba ny fizakan'i Andry Rajoelina ny zom-pirenena frantsay, ny finivany naka izany zom-pirenena vahiny izany. Mifanohitra amin'izany mihitsy aza no tokony hataon'ny olom-pirenena saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena malagasy, fa tokony ho resaka tsy vita io, ary tsy azo ampanginina fotsiny amin'izao, raha tsy misy ny fepetra na sazy mihàtra. Hadisoan'ireo mpanao politika, indrindra ny ao amin'ny fanoharana raha mangina momba izany izy ireo. Ny tsy fahafahan'ny olom-pirenena tsotra miteny sy maneho hevitra momba izany miharihary aza, efa sarotra sy manahirana eto tato anatin'izao fitondrana izao.

Hafahafa ary mampanahy be ihany ny hevitra ny filohan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana na HCC ny alarobia lasa teo raha nanontan'ny mpanao gazety momba io raharaha io izy. Toa nosarontsaronana tsy ambara firy izany ny momba ny fizakan'i Andry Rajoelina ny zom-pirenena frantsay. Zary toa misy hevitra hanakontakonana izany. Indrindra ny amin'ny fampiatoana ny fitsikerana ny Hcc amin'ny hoe resaka fangalaram-bato, fa mangarahara no ao, hoy izy. Midika koa ve ireny teniny ireny hilaza, fa ny teo aloha nodimbiasin'izy ireo tsy toy izany. Rehefa tsy madio ny teo aloha, mila milaza izany ankarihary ny ankehitriny. Raha hanamboamboatra ny momba an'i Andry Rajoelina izy ireo ankehitriny, ho sahy hikimpy anoloan'ny marina, ny rariny sy ny haintsiny indray koa toa ny tamin'ny andron'ny teo alohany ve izany? Iaraha-mahita anefa izao ny manjo

ny firenena vokatry'izany fanapahan-kevitra noraisiny izany. Hatreto, tsy sahy miteny sy manazava ny momba io raharaha io ny HCC teo aloha, nefa mian-dry fatratra hatramin'ny ela izany ny vahoaka malagasy manontolo. Miendrika famadihan-tanindrazana (haute trahison) no nataony, ary fanaovana tsinontsinona ireo Malagasy nijaly, nandatsaka ny ainy, very fananana sy vady aman-janaka, tamin'ny raharaha 1947. Hinia hikimpy tsy hahatsiaro izany koa ve ny HCC ankehitriny? Tsy eken'ny saina velively ny maha frantsay ny filohan'ny Repoblika na inona fanazavana roritina etsy eroa na inona. Miezaka manao izany mafy ireo miara-dia sy mpomba an-dRajoelina, sy ny faneken'ny fa olon'ny frantsay ny filohan'ny Repoblika tamin'izao vanim-potoana izao no sady eo ambany fifehazan'ny mpitondra frantsay. Midika zavatra be dia be izany. Mila ho voarakitra mazava tsara ao anaty tantara ihany koa: iza avy izy ireny ho fantatry ny taranaka fara aman-dimby sy mba tsy hataony anaty kitapo iray isika miaina amin'izao vaninandro izao. Momba ity raharaha ity, soa ihany fa efa 39 andro sisa: J- 39 dia hiala ny filoha Andry Rajoelina, ka heverina fa tsy hisy vahoaka izay tena tompon'ny fahefana ho voafitany intsony amin'ny fifidianana, voafitany tamin'ny maha-Frantsay azy, sy fiarovany ny tombontsoan'ny vahiny. Tsy hisy ho voafitany intsony amin'ireo fampanantenana poakaty, izay maro no tsy vitany raha oharina amin'ny tena filan'ny vahoaka maro an'isa.

Sôh'son

Ekar. Filoha Ravalomanana Nanatrika koa ny fametrahana ny Arseveka vaovaon'Antananarivo

Nanatrika koa ny fametrahana amin'ny Fiketrahana Masina, ny Arseveka vaovaon'ny Arsidiösezin'Antananarivo, ny filoha Marc Ravalomanana, ny alahady teo, teny Soamandrakizay. Nambaran'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM nandritra izany fa : "Miarahaba ny Arsevekan'Antananarivo vaovao, Mgr Jean de Dieu Raelison ny tenako . Miarahaba ihany koa ny Kristiana katolika rehetra eto Antananarivo nahazo Arseveka vaovao. Tena faly aho nanatrika ny sorona masina nametrahana azy androany teny Soamandrakizay. "Isika dia noharian'Andriamanitra toy ny tenany, sarobidy ny olombelona, ary Andriamanitra tsy mamela antsika ho irery fa mangatahà aminy dia omeny isika, indrindra ny Fahendrena", hoy izy tao andrian'ny lamesa lehibe teny an-toerana. Ankoatra izany, nifarana tamin'io fotoana io koa ny JNE, na ny androm-pirenen'ny ankizy katolika. Mahajanga indray, no hampiantrano ny andiany manaraka. Tontosa ny alahady teo koa ny Sorona Masina lehibe famaranana ny Andro Nasionalin'ny Ankizy katolika na JNE io, izay natao teny Soamandrakizay ihany koa. Andiany fahatelo ny tamin'ity taona ity, izay nampiantranoan'ny Arsidiösezin'Antananarivo.

Nandritra izany koa no nanatanterahana ny fametrahana amin'ny Fiketrahana Masina ny Arseveka vaovaon'ny Arsidiösezin'Antananarivo, Mgr Jean de Dieu Raelison, ka nanolorana azy ny Paliöma manamarika izany, sy ny tehina maha mpiandry ondry azy. Nambara tamin'ny famaranana, fa ny Diosezin'i Mahajanga indray no hampiantrano ny JNR andiany faha-4.

Stefa

RANDRIAMANALINTSOA IHAJASON

Raiso ny hevitra ny rehetra ho fanatsarana ny zotram-pifidianana

Tokony hifampihaino ny mpanapa-kevitra sy ny mpisehatra politika rehetra, amin'ny fametrahana ny fitsipi-dalao eo amin'ny fanatanterahana ny fifidianana rehetra izay ho karakarin'ny Ceni eto Madagasikara, mba hisian'ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra hoy Randriamanalintsoa Ihajason, Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ambohitrimanjaka distrikan'Ambohidratrimo, voafidy tamin'ny lisitry ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Nanohy fanazavana ity olom-boafidy ity, fa tokony hijoro amin'ny fahamarinana no sady tsy mitanila ny Ceni amin'ny fanapahan-kevitra rai-



Ny ben'ny tanànan'Ambohitrimanjaka, Ihajason Randriamanalintsoa.

siny ary mijery ny marimaritra iraisana, manoloana ny soso-kevitra atolotry ny antoko mpanohitra. Nanambara ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ambohitrimanjaka, fa tokony haravona avokoa ireo teboka manjavovo-

zavo tsy ahafahana miroso amin'ny fifidianana, ao anatin'izany ny fitadiavana vola ahafahan'ny Ceni miatrika ny zotram-pifidianana, ny fanavaozana ny rafitra sy ireo rantsamangaikan'ny Ceni, izay hitantana sy hikirakira ny voka-pifidianana, mba hisorohana ny ahiahin'ny olom-pirenena, ny fanapahan-kevitra hentitra momba ny fananan'ny filoham-pirenena ny zom-pirenena Frantsay, manoloana ny lalàna velona eto Madagasikara, ny fijoroan'ny Hcc amin'ny fahitsiana, ny fijerena ny marimaritra iraisana momba ny "Caution" izay harotsaky ny kandida filoham-pirenena, ny fijerena

ny fahafahan'ny kandida miatrika ny fampilelezan-kevitra, ny fanatsarana ny lalam-pifidianana... Namafy Andriamatoa Randriamanalintsoa Ihajason, fa mbola betsaka ny zavatra tsy tomobana tokony mbola harena haingana dieny mbola misy ny fotoana, mba ho eken'ny rehetra ny voka-pifidianana izay hivoaka aorian'ny fifidianana filoham-pirenena fihodinana voalohany izay hatao ny 09 Novambra 2023, sy ny fifidianana fihodinana faharoa izay hatao ny 20 Desambra 2023 ho avy izao, raha hisy izay fihodinana faha-2 izay.

Franck Razakambelo



Ny filoha Marc Ravalomanana, teny Soamandrakizay ny alahady teo.

TOMONKALO

Fanadiovana no maika

Aminay ny fanadiovana , izany izao no tena maika, Mila raofina ny fako sy ny loto eto an-tanàna, Saingy ry vazahabe dia modimody tsy miraika Fa toa faly hitango vola sy variana mampifana !

Tena tsiy maharatsy ny fanaovam-bakitsiny, Saingy mila fanadiovana , io no tena maika indrindra. Iza re no hanilihana , iza no homena tsiny Raha miverina eto indray ireo aretina mifindra ?

Irony fako misavovona , efa ho lasa tendrombohitra, Saingy mba nankaiza re ireo fiarabe izay nidedahana ? Mbola sahy hilaza indray hoe fingampingan'ny mpanohitra No mahatonga irony loto izay toa efa iravahana ?

Vary kely indroa mihinana , izany indray no hoe zaraina , Fanodinan-tsaina ireny , nefa aleo ekena ho dingana, Saingy mba ahoana kosa ny amin'ny fako tsy hay lazaina, Sao hiverina eto indray ireo aretina mandringana ?

Fanamboarana ny lalana , tena tokony hohafainganina. (Mampiteny iretsy moana ireo karazam-pitohanana !) Mbola hotanana ny hoe « ireny anie ka tsy azo hanina » ? 'Ndao fa dia hifankahita raha handeha ny fifidianana !

...Tena mila fanadiovana amin'ny lafiny rehetra Fa ao anaty fahalovana i Madagasikarantsika. 'Ndao esorina ny fako , ny mpitantana voretra, Raha tiana ny ho lohany sy ho modely eto Afrika !

IRINA HO TAFITA (30-07-23)

Antsiranana

Misy lalana nampitondrain'ny kaominina ny anaran'i Dedesse

Misy lalana nampitondrain'ny kaominina Antsiranana any amin'ny faritra Diana, ny anaran'i Dedesse, ny lalana ao antampon-tanànan'i Diégo. Notapahan'ny fiadianan'ny tanàna, izay tarihan'ny ben'ny tanàna a Djavojozara Jean Luc ary nankatovin'ny mpanolontsaina ny Kaominina ambonivohitra Antsiranana ny hampitondrana ny anaran'ilay mpanakanto fantadaza Bezara Ernest dit Dedesse ny ampahan-dalana Scama hatreo amin'ny STAR, any amin'ny renivohitra ny faritra Diana. Notanterahana ny sabotsy teo ny lanonana tsotra,



Ny lanonana nanomezana anarana ny lalana Scama- Star Antsiranana, ny anaran'i Dedesse.

nefa nanana ny naha izy azy, ho fanomezana anarana io lalana io. Nahavita be teo amin'ny sehatry ny zava-kanto teto

amintsika i Dedesse, tsy tany Antsiranana ihany, na teto Madagasikara ihany, fa hatrany ampitan-dranomasina ihany koa. Koa ho fankasitrahana izay zava-bitany izay, izao hetsika nataon'ny kaominina ambonivohitra'i Diégo izao. Tsihivina fa nodimandry tao Antsiranana, teo amin'ny faha-71 taonany, ny 6 novambra 2022 ity mpanakanto mpamorona, mpihira ary mpitendry ity ary milevina any amin'ny fasan-drzany any Anivorano Avaratra Antsiranana faha-2.

Isambilo

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ramatoa Rafara Sahondra, Malagasy any ampitan-dranomasina, nanome fanampiana ireo ankizy tezaina ao amin'ny Akany Avoko Ambohidratrimo, andro maromaro lasa izay.



Ny ivon'ny fankalazana ny faha-30 taonan'ny klioba Karate MKC (Malagasy Karaté-Do Club), tarihan'ny Me Ony Fehizoro Andriamananjezika, natao tao amin'ny Résidence l'Arencia Ankadindratombo ny sabotsy teo. Nampakarana an'i Me Harimanitra Andrianjatovo ho 6èm dan ihany koa, nataon'ny Federasionan'ny karaté eto amintsika.



NY TENY FIAINANA

Asera tsy nandroaka ny mponina tany Ako, na ny mponina tany Sidona, na ny tany Alaba, na ny tany Akziba, na ny tany Helba, na ny tany Afika, na ny tany Rehoba; fa nonina teo amin'ny Kananita tompon-tany ny taranak'i Asera, fa tsy nandroaka azy. Mpitsara 1 : 31-32

LALAO'NY FRANKOFONIA 2023 BASKET-BALL

Tafakatra amin'ny dingan'ny 1/4-dalana ny Ankoay

Tafakatra amin'ny dingan'ny lalao 1/4-dalana ny Ankoay vehivavy Malagasy rehefa nandresy tsy niady na forfait », ny ekipan'ny «Aigles de Carthage tunisiennes », noho ny olana ara-panamiana nahazo azy ireo na dia resin'ny « Lionnes Indomptables du Cameroun » tamin'ny isa 2 na « panier » aza, tamin'ny lalao voalohany natrehan'izy ireo tao amin'ny kianja mitafo : Gymnase de l'Université Unikin. Ny ekipan'ny Rdc mpampiantrano no hifanandrina amin'ny Ankoay amin'io ampahefa-dalana io. Teo amin'ny taranja tolona kosa dia ity taranja ity no nibatan'ny Malagasy medaly voalohany amin'ity fifaninanana ity araka ny fampitam-baovao nalefan'ireo mpanao gazety lasa any Kinshasa. Ny taranja atletisma dia nanomboka omaly alatsinainy 31 jolay, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny zoma 04 aogositra 2023 ho avy izao. Manana solontena miisa 6 Madagasikara amin'izany. Rahampitso alarobia 02 aogositra 2023 kosa, no hiakatra tami ao amin'ny kianja mitafo « Gymnase Rafael » ny mpilalao sasantsasany amin'ireo Judokas Malagasy miisa 8 hiatrika an'ity fifaninanana ity, izay nanainga tamin'ny sabotsy teto an-tanindrazana, taorian'ny niatrehan'ny mpilalao Cadets ny « African Championships 2023 » teto Antananarivo. Marihana fa nanomboka tamin'ny fomba ofisialy tamin'ny zoma 28 jolay 2023 teo,



Ny Ankoay vehivavy Malagasy any Kinshasa.

tao amin'ny kianja « Stade des Martyrs » ao Kinshasa renivohitry ny Rdc « République Démocratique du Congo » ity lalao'ny Frankofonia andiany faha-9 ity, ka mpilalao fanatanjahantena miisa 34 no misolotena an'i Madagasikara amin'ny taranja ara-panatanjahantena miisa 5. Marihana fa Rakotoarimanana Fabio mpilalao tenisy ambony latabatra mpilaravinahitra any ivelany, no nitondra ny fanevam-pirenena Malagasy tamin'ny fotoam-panokafana an'ity fifaninanana ity. Roa no solontenantsika amin'ity taranja ity.

Rainilita

Basket-ball Championnat National U16, 2023

Ascute Atsinanana sy Jcba Analamanga no tafavoaka

Ny ekipa vehivavin'ny Ascute Atsinanana sy ny ekipa lehilahin'ny Jcba Analamanga, no tafavoaka ho mpandresy, ka nialotra ny anaram-boninahitra tompondakan'i Madagasikara 2023, tamin'ny fifaninanana basikety baolina « Championnat National U16, 2023 », izay nifarana tamin'ny alahady 30 jolay, tao amin'ny kianja mitafofon'i Soavita Toamasina. Ankoatra ny medaly sy amboara azon'izy ireo dia samy nahazo taratasimbola mitentina 1.100.000 Ar tsirairay avy izy ireo. Marihana fa ny Ascute Atsinanana vehivavy dia ny Mb2All, teo amin'ny lalao famaranana ary ny Jcba Analamanga kosa dia nandavo ny Acmba Atsinanana teo amin'izay lalao famaranana izay. Filarahana raikitra fanany : U16 Filles Medaly vola-



Ny Jcba Analamanga tompondaka U16, 2023.

mena : ASCUT Atsinanana, Medaly volafotsy : MB2ALL Analamanga, Medaly alimo : ASA Analamanga. U16 Garçons Medaly volamena : JCBA Analamanga, Medaly volafotsy : ACMBA Atsin-

nana, Medaly alimo : MFB BBCM Menabe. « Meilleur Marqueuse 102Pts » : Rasolofonjanahary Mbolahaza | N° 13 ASA, « MVP U16 F » : Rakotoarimanana Estelle | N°07 ASCUT, « Meilleur Mar-

queur / 178Pts » : Rabearison Herinirina Mathieu | N°06 ACMBA, « MVP » : Rasetriarivony A'Ranty | N°10 JCBA.

Rainilita

Judo fifaninanana isan-tarika sokajy Cadets

Nahazo medaly alimo ny Judokas Malagasy



Ekipa isan-tarika judo Cadets Malagasy.

Nibata ny medaly alimo ny Judokas Malagasy sokajy « Cadets » isan-tarika rehefa nandavo an'i Cameroun (finale bronze) teo amin'ny fifaninanana judo « African Cadet and Junior Championships » izay nifarana tamin'ny fomba ofisialy tetsy amin'ny Lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina tamin'ny alahady 30 jolay 2023 teo. Ny ekipa isan-tarika Alzeriana no nandrombaka ny medaly volamena tamin'ity isan-tarika « Cadets » ity ary rehefa nandavo ny ekipa isan-tarika Egipsiana tamin'ny lalao famaranana . Tsiahivina fa ny ekipa isan-tarika Juniors Malagasy kosa dia teo amin'ny lalao ampahavalon-dalana no nihintsana tamin'ity fifaninanana ity.

Rainilita

Sakafo Ny Valosoa



Lelanomby sy petit pois indray, no laoka amin'ny sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana petsay miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso

Ny soa azo amin'ny fihinanana voatabia manta

Ny soa azo avy amin'ny fihinanana voatabia manta indray, no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. Atao jus ny voatabia na tômaty, na atao lasary. Ireo ny tombontsoa azo avy amin'ny fihinanana tômaty, indrindra ny manta :

- Miaro amin'ny fahanteran'ny sela, manala fanaintanana.
- Tsara ho an 'ny hoditra.
- Miaro amin 'ny aretina Cancer na homamiadana.
- Mampilamina tahana siramamy.
- Tsara ho an 'ny fo sy ny lalan-drà.
- Tsara ho an 'ny havokavoka .
- Tsara ho an 'ny maso.
- Manampy ny hery fiarovana.
- Mampilamina ny tosi-drà.
- Manala tavy.



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'i Ranomafana Est distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'i Ranomafana Est distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ranomafana Est ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Lalan'ny lalampirenena faha-2 (RN2) ity tanàna ity. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny vomanga, ny voankazo toy ny : letchi, ny manga, ny corossol, ny letchi-tsinoa.



VOHIPOSA AMBOHIMAHASOA. FIFIDIANANA

Terena hitanila sahady ireo Préfet sy Sefo Distrika, hoy Ravalolo

Manoloana ny teritery samy hafa atao amin'ny mpiasam-panjakana, na sokajin'olona hafa, mialoha ny fifidianana, misy ny fanambarana mafonja nataon'ny filoha Marc Ravalomanana omaly tany Vohiposa distrikan'Ambohimahaso, faritra Matsiatra Ambony :



Ny filoha Ravalomanana tany Vohiposa Ambohimahaso omaly.

« **N**y Ministry ny Atitany tamin'ny alalan'ny taratasy laharana faha-162/2023-MID tamin'ny 27 jolay 2023 lasa teo dia maniraka ireo Préfet sy Chef de District rehetra, hitety Kaominina maika hanontany ny tena ilain'ny Vahoaka ho an'ny Fampandrosoana sy hanaovana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana (PGE) ary hitanisa ireo zavabitan'ny Fitondrana. Ireo Préfet sy Chef de District ireo indray, no manery ny Mpiasam-panjakana rehetra eo ambany fahefany ary manery ireo Mpanandraharaha tsy miankina eo amin'ny faritra misy azy, hanampy : na ara-bola na ara-pitaovana hanatanterahana io baiko nomen'ny Ministry ny Atitany io. Mazava anefa fa tsy amin'izao fotoana fiafaran'ny mandat izao no fanaovana ny ezaka hahafantarana ny hetahetan'ny vahoaka ho an'ny fampandrosoana. Tsy amin'izao fiafaran'ny mandat izao ihany koa no fanazavana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana na ny Politique Générale de l'Etat (PGE). Aminay dia mazava ny tetika sy

ny tanjona amin'izao baiko nomen'ny Ministry ny Atitany izao. Mahitsy sy mazava izahay milaza fa : izao fanirahana maika ireo Préfet sy Chef de District ireo hitety Kaominina izao dia fampiasana ny fahefam-panjakana hanaovana fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana hanohanana ny Mpitondra. Izaio zavamisizao dia finiavana sahady handika ny lalàna velona izay mitaky ny tsy tokony hisian'ny fiandaniana sy fitanilàna ataon'ny Administration sy ny Mpiasam-panjakana mialohan'ny Fifidianana. Fandikan-dalàna ny fampiasana ny Fahefam-panjakana sy ny Mpiasam-panjakana ary ny fananam-panjakana hanaovana fampielezan-kevitra hanohanana olona amin'ny Fifidianana. Noho izany, dia raisinay ho fihantsiana na provocation izao fihetsika ataon'ny Fitondrana izao. Efa nisy ny taratasy nataon'io Ministry ny Atitany io ihany, izay nandrara ny famoriam-ba-

hoaka ankalamanjana manerana ny Nosy ary nanery ny fivoriana rehetra tsy maintsy natao anaty trano mihidy. Tsy ara-dalàna sady niteraka savorovoro sy korontana maro nanerana ny Nosy ny fampiharana iny fepeetra tsy fahazoana namory vahoaka ankalamanjana navoakan'ny Ministry ny Atitany iny. Izaio indray dia misy ity taratasy sy baiko ity, izay miendrika fampiasan'ny Mpitondra ireo Mpiasam-panjakana rehetra hanao fampielezan-kevitra mialohan'ny fotoana hanohanana azy. Averiko ihany ary hamafisiko eto androany, fa tsy azo ekena intsony fandikan-dalàna sy ny famitahana ny vahoaka malagasy amin'ny fanodinkodinana ny safidiny. Tsy maintsy mijoro isika hanohitra izany, ary mailo tena mailo tsy ho tafiditra ao anatin'ny velapandrik'ireo mitetika hanakorontana . Noho izany dia manao izao Antso izao aho: 1- Miantso ny rehetra any

amin'ny Kaominina tsirairay avy, ny Antoko politika, ny Société civile, ny vahoaka iray manontolo hanara-maso sy hanao tatitra ary hamaky bantsilana izay mety ho fampiasana ny fahefam-panjakana sy ny Mpiasam-panjakana ary ny fananam-panjakana hanaovana fampielezan-kevitra sahady hanohanana Kandida amin'ny Fifidianana. 2- Mitaona anareo Mpiasam-panjakana mba hanaja ny tsy fiandaniana sy ny tsy fitanilana amin'ny fanatanterahana ny asanareo. Miantso anareo, mba tsy ho mpiray tsikombakomba amin'ny tsy fanarahan-dalàna. Aza adino fa fandikan-dalàna ny fanatanterahana baiko tsy ara-dalàna. Aza adino ihany koa fa ny Mpitondra mandalo, fa ny raharaham-panjakana mitoetra. 3- Miantso ny CENI tsy hangina intsony manoloana izay mety ho tsy fanarahan-dalàna hate-rak'izao baiko izao. Mila fifidianana madio handraisan'ny rehetra anjara, mba hisafidianany izay olona hanarina ny firenena, satria mila vonjy ny vahoaka sy ny firenena. Aoka ianareo tompon'andraikitra rehetra mba hihaino ny hafatr'ireo ray amandreny ampanahy amin'ny fahendrena tokony hitondrana ity tanindrana izay iaraha-manana ity, ka hanaja izay ho safidim-bahoaka. Hombantsika mandrakariva Andriamanitra.”

Nangonin'Isambilo

Manamboninahitra zandary namono tovolahy Tsy tany Befotaka Nord ihany, fa efa nisy koa tany Andilamena

Nitrangana vono olona fanahiniana natao tamin'ny alalan'ny fiataovam-piadiana mahery vaika (basy), nataona zandary, tany amin'ny kaominina Befotaka Nord distrikan'Analalava Faritra Sofia. Tovolohy kely iray 21 taona antsoina hoe: Ravelonahary Tafita, zanak'i Colbert Joseph sy Raharivelo Ebelle Eliane, teraka tao Ambandrika Manakara, faritra Fitovinany mila ravin'ahitra, Réceptionniste, tamina Hotel fandraisan-bahiny ao Befotaka Nord, ny notifirir'ny zandary manamboninahitra misy aza amin'ny faritra iny sy ny namany izay niaraka tany an-toerana, ny sabotsy 29 jolay 2023 teo, tokony tamin'ny 8 ora maraina, tao Befotaka Nord. Noahian'ity manamboninahitra ity ho nangalatra ny telefoniny, no antony nifirany azy araka ny vaovao voaray ihany, saika hoentiny izy ireo hatao famotorana tany amin'ny biraony ity tovolahy maty ity, kanjo teny an-dalana no nitranga izao famonoana azy izao nataon'ireo mpitandro filaminana ireo. Araka ny loharanom-baovao ihany, tsy vao sambany no nanampatra fahefana sy manao fomba fiasa ratsy sy feno fandikan-dalàna tahaka izao ity manamboninahitra ity. Mihorohoro, mandry tsy lavo loha ny mponina any amin'ny faritra iasany, vokatry izao hafitsony izao. Aiza ho aiza ny tompon'andraikitra mahefa sy ny zon'olombelona, amin'izao tranga mampalahelo izao, hoy ireo nanao ny fitarainana avy any Befotaka Nord. Ny zandary natao ho tandroka aron'ny vozona, miaro ny vahoaka sy ny fananany indray ve, no manao fihooaram-pefy, fanamparam-pahefana amin'ny vahoaka madinika tsy mandady harona tahaka izao. Ahiana hiteraka savorovoro sy fikorontanana ao an-toerana ity toe-draharaha ity, raha tsy voajery sy voavaha haingana, satria tsy manaiiky ny mpanao fitarainana sy ny fianakavian'i Tafita.

Efa ratsy laza tany Andilamena ilay manamboninahitra

Araka ny vaovao voaray koa izao, efa ratsy lasa tany Andilamena Faritra Alaotra Mangoro io manamboninahitra nanampatra fahefana tany Befotaka Nord Analalava io ary voarohirohy ho namono an'i Tafita. Efa maro ny olona novonoiny tany Andilamena raha ny vaovao azo koa izao, Andilamena izay niasany taloha ary efa namoakava mihitsy izy tao Andilamena hoe « vola sa fasana », izay tsy mifanaraka aminy ary manginy fotsiny ny nanaovany tsinontsinona ireo Tangalamera sy olom-boafidy sy olom-boatendry tao Andilamena. Efa maro ny fitarainana sy fitoriana izay nataon'ireo olona tao amin'ny Distrikan'Andilamena azy, saingy mirehareha ity manamboninahitra ity, fa manana mpiaro satria dia maro ny rahalahiny sy ny fianakaviany no jeneraly avy amin'ny zandarimaria sy ny tafika Malagasy, ka izay no hireharehavany. Efa niasa tao amin'ny faritra Menabe koa izy saingy noho izy voalaza ho niray tsikombakomba tamin'ny dahalo dia isan'ireo niteraka ny tsy fandriampahalemana tao amin'ny tapany avatry ny distrikan'i Miandrivazo koa ny tenany ary mbola notohizany hatrany izany fomba ratsy izany rehefa tany amin'ny distrikan'Andilamena sy tany amin'ny faritra Sofia izao. Mila famaizana sy fandraisana fepetra ny mpitandro filaminana sahy mihoa-pefy lasa toy izao.

Ny Valosoa

Filaminana sy fandriampahalemana Efa hiala ny fitondrana vao manao fakan-kevitra : FIDS

Ho tanterahina ao amin'ny faritra Menabe ny Forum Interrégional sur la défense et la sécurité na FIDS, ny faha 3 sy 4 Aogositra ho avy izao, izay handraisan'ireo faritra 5 anjara dia ny faritra Menabe, Bongolava, Vakinkankaratra, Melaky, Atsimo Andrefana, handinihana manokana ireto lohahevitra 3 ireto : "sécurité et défense", "sécurité et élection", "sécurité et secteurs Development". Nandritra ny famindram-pibaikona teo amin'ny lehiben'ny ZDS Tsiribihina dia efa nisy ny atrik'asa natao ampitaindavitra (zoom) niarahan'ireo faritra 5 ireo, niainga tao Morondava notarihan'ny Ministry ny fiarovam-pirenena, teo dia efa gaga ny rehetra, fa tsy mba nisy solombavambahoaka voafidy atao amin'ny distrika 5 ato Menabe na dia iray aza nanatrika izany eny fa na dia ny voafidy teto Morondava aza. Ny zoma teo, nisy ny fivoriana izay niantsoana ireo talem-paritra sy olom-boafidy notarihan'ny tale kabinetran'ny serasera eo anivon'ny ministeran'ny fiarovam-pirenena, saingy indrisy fa dia azo isaina amin'ny rantsa-tanana ireo talem-paritra tonga niatrika izany na dia ny solombavambahoaka aza, tsy hita na ireo assistant parlementaire ary tsy tonga nisolotena azy ireo. Nosafidiana manokana i Menabe hampiantrano ity Forum ity, noho ny tsy fandriampahalemana miseho lany ato Menabe. Mipetraka ny fanontaniana hoe : fa maninona no izao vao hatao izao fikaonandoha izao, ary aiza ny vola hanatanterahana izay tapaka eo, satria hoy Andriamatoa Joelson Jonasy, izay efa Mpanolotsain'ny Prais-ministra tamin'ny fitondrana teo aloha, hita hoy izy fa tsy manambola ny fitondrana. Isan'ny mampametra-panontaniana ny rehetra ny hoe : fa maninona izao fitondrana izao efa hiala vao manao izao fakan-kevitra isan-karazany isaky ny ministera rehetra izao. Raha ny fanadihadiana dia manangon-kevitra hoentina hanaovana fampielezan-kevitra izy ireo, hanaovana famitahana ny vahoaka amin'ny fampielezan-kevitra indray.

Rajepa

Morondava. 28 jolay Nankalaza ny andro maneran-tanin'ny kooperativa koa

Tonga maro tao Morondava faritra Menabe ireo kooperativa manerana ny faritra, nandritra ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny kooperativa izay nankalazaina tanatin'ny 2 andro ny 28 sy 29 Jolay, ka tamin'ny alalan'ny fifanakalozana teo amin'ireo mpisehatra ara-bola sy ny mpisehatra ara-barotra ary ireo mpisehatra arapandrahahana ato amin'ny faritra Menabe, izay nahitana ireo kooperativa misehatra amin'ny fambolena sy fiompiana, tamin'ny alalan'ny hetsika izay nokarakarain'ny Antenimieran'ny varotra sy indostria Menabe, nantsoina hoe Salon des acteurs financiers et économiques (SAFER), no natao tamin'izany. Ny 28 jolay no tena andro mane-

ran-tanin'ny kooperativa. Tanjona tamin'ny hetsika ny hahazoan'ny kooperativa tombontsoa amin'ny sehatr'asa misy azy ary ny fampidirana ny kooperativa ho isan'ny mpikambana ao amin'ny tranoboben'ny varotra sy indostria ary hampifandraisana ireo trano fiantohana sy ireo mpamatsy vola, hoy Andriamatoa Rabibisoa Noel Bienvenue, talearparitry ny fampiroboroboana ny varotra sy indostria ary ny fanjifana Menabe. Nandritr'izany koa no nanao fianianana sy napetraka tamin'ny fomba ofisialy ireo mpikambana 22 mianadahy mianaka, izay hitantana indray ny Antenimieran'ny varotra sy indostria Menabe. Teo ihany koa ny varotra fampirantiana sy ireo atri-

kasa, izay nampahafantarana ny tombontsoan'ny fidirana kooperativa ary ny anjara asan'ny Antenimieran'ny varotra sy indostria eo amin'ny sehatry ny fandraharahana. Tonga nanotrona ny hetsika ny Governoran'ny faritra Menabe sy ny Prefet an'i Morondava, raha tsy nisy hita kosa ireo solombavambahoaka izay voafidy tato Menabe, izay mahagaga ny rehetra, fa tato ho ato dia maro ny het-

sika rejonaly sy nasionaly izay nisy tato Menabe, fa tsy misy hita ireo solombavambahoaka raha tsy hiresaka afa-tsy ny fifamindrana fifampibaikona teo anivon'ny ZDS Tsiribihina. Nilaza ny filohan'ny Antenimieran'ny varotra sy indostria Menabe Andriamatoa Tsilenty Christian Bora, fa misokatra amin'ny mpandraharaha rehetra na ireo izay mikasa hiditra eo amin'ny sehatry ny fandraharahana ny Antenimieran'ny varotra sy indostria Menabe ary efa mipetraka koa ny fiaraha-miasa eo amin'ireo serivisim-panjakana rehetra ato Menabe, ka santatra ihany izao fa mbola maro ireo hetsika izay atao mba hanampiana ny mpandraharaha.

Rajepa

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
29/07/2023 hatramin'ny
05/08/2023

- **67HA** (face Eglise Lu-thérienne) 020 22 253 61
- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 78 355 09/034 34 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09/020 85 255 51

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 /
Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118 / 22 250 18 /
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09

- 1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
- 2° Ambanidia : 22 309 46
- 3° Antaninanandro : 22 291 30
- 4° Isotry : 22 280 51
- 5° Mahamasina : 22 280 48
- 6° Ambohimarina : 22 225 52
- 7° 67 Ha : 22 291 29
- 8° Analamahitsy : 22 493 25
- Brigade criminelle : 22 216 78 / 22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidy : 600 Ar
Adiresy : lot T 70 Ankadindratombo

TALÉN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 076 00

MPANAO GAZETY

Politika:

Isambilo : 033 24 783 65
Rajo : 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :

Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:

Aris : 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjantena:

Lita : 033 41 557 69

Mailaka:

gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrana 1458-08-2023
Isan'ny natonta : 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VMTM

Mpitatitra taxi moto miisa 670 no efa misalotra fanamiana

Nozarina « Gilet » sy « Badge » avokoa ireo mpitatitra kodiaran-droa mpikambana eo anivon'ny VMTM (Vondron'ny mpitatitra Taxi Moto), mba hanavahana ny mpisehatra manara-dalàna sy ny tsy manara-dalàna ary mavitrika ireo tanora miditra amin'ity fikambanana ity, ho fanatsarana ny fitaterana ny kodiaran-droa na moto eto Antananarivo Renivohitra. Nanazava Andriamatoa Ramamonjisoa Fulgence filohan'ny Vmtm, fa efa maherin'ny 670 ireo mpitatitra Taxi-moto mitondra fanamiana ara-dalàna ary hiarahiasa amin'ny mpitandro filaminana ny Vmtm amin'ny fanentanana, sy ny fanasaziana an'ireo mpitatitra Taxi-moto tsy manaraka ny fepetra ho fiarovana ny fitaterana kodiaran-droa, sy ho fiarovana an'ireo tanora mivelona amin'izany sehatra izany. Nandry fanazavana ny filohan'ny Vmtm, fa tsy mitsahatra manatanteraka fidinana ifotony ireto farany manaramaso ny fampiharana-dalàna ataon'ny mpikambana eny an-kianja ho fandrindran-

drana ny sehatry ny fitaterana kodiaran-droa eto an-drenivohitra ary miala nenina amin'ireo mpitondra Taxi-moto tsy manara-dalàna ny Vmtm, mba hiditra amin'ny sehatry ny ara-dalàna, ho fanatsarana ny fitaterana kodiaran-droa.

Franck Razakambel



Akanjo isaloran'ny mpitondra taxi-moto manara-dalàna.

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Mila miova tanteraka ny paik'adim-pampandrosoana ny firenena

Tsy fantatra intsony ny zotra alehan'ny firenena ankehitriny, fa ny hita, mandeha amin'ny lalan-dratsy mikitoantoana isika tato anatin'ny taona maro izao. Ny hiafaràna ihany koa tsy fantatra na dia hita izao aza fa mampanahy be ihany noho ny fahitana ny toe-javamisy amin'izao fotoana izao. Zary lasa resaka fotsiny na fampanantenana poak'aty ny amin'ny hoe fisandran'i Madagasikara. Lasa nofinofy fotsiny fa manalavitra hatrany sy tsy ho tanteraka ny amin'ny faniriana an'i Madagasikara ho tany sambatra tokoa, ary mponina hiadana sy ho finaritra. Hijanona ho hira fotsiny ve izany ny hiram-pirenena izany? ary hatramin'ny rahoviana ? Ny fototrizany rehetra izany, ny tsy fisian'ny politika matotra sy mahomby voadinika lalina ka mety amin'ity firenena ity. Saiky hala tahaka hatrany amin'ny teti-pampandrosoana an'ny firenena kafa no entiny eto na indrindra noho ny famolavolana toe-tsaina nofaritan'ny mpitondra mpanjanatany teo aloha na ireo firenendehibe matanjaka, mpamatsy vola, ny mpitondra eto Madagasikara. Miharihary izany amin'izao fotoana izao. Hany ka mandrorona ny ezaka fampandrosoana atao rehetra eto amin'ny firenena. Tsy hiova io zotra sy zava-misy io raha tsy miova ny fomba fiheverana sy ny toe-tsaina entin'ny mpitondra. Mpitondra tsy voafatopatotra na ato anatin'ny firenena, toy ireo teratany vahiny mpanefofo mangeja ny toekarena eto, na indrindra ihany koa ny any ivelany no afaka hanarina ny firenena, hanàla azy ao anatin'izao fahantrana izao sy hampandroso azy. Mila manana vina mazava mifanaraka amin'ny zava-misy marina iainan'ny vahoaka malagasy ny mpitondra, fa hadisoan-dalana ny maka tahaka ny hafa. Mila atao mazava tsara mipetraka amin'ny toerana mendrika sy ny hasiny ary ny maha izy azy ny vahoaka, ka tokony hialana ilay fiheverana azy ho toy ny zazabodo tsy afaka hahatakatra ny raharaha sy ny fiainam-pirenena. Mila omena hasiny ny isam-batan'olona ka tsinjovina ny talentany hahafahany miotra eo amin'ny fiainany, fa famitahana azy ny fanomezana tolotolotra kely tsy mahavita taona isak'izay misy olana mitranga. Fotoana mihitsy izao no hanovàna ny lalan-kizoran'ny firenena, fa raha mbola miandry na manao andraso andraso lava, ho very fotoana sy lany andro.

Aris

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 440

					Ajanona (miv)					Heloka fahadisoana
					Ony					Eo @ tarehy
					Zava-maniry					
					Milaza fananana (miv)					
					Tamy					
					Laoka					
					Sofa					
					Litera mitovy					
					Handehanana					
					Sava, Boeny					
					Nikaroka (miv)					
					Sintona					
					Ahy sy azy					
					Ambany					

- BL = Bory Loha
- BR = Bory Rambo
- MIV = Mivadika
- MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0439)

Mitsivalana

- Takolaka
- Alina – Ar
- Nandoro
- Takona
- Orana – TV
- Nana – VII
- Ana – Ha

Mitsangana

- Tanjona
- Ala – Ran(o)
- Kintana
- Ondana
- Laoka
- Ro – Va(lo)
- Kaonty
- Ar – Avia

TENY MIFANAPAKA

N° 440

	A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1										
2										
3										
4										
5										
6										
7										
8										
9										
10										

Mitsivalana

- Mpanao, Iharana, Mpifanao
- Tsofoka – Omena ara-bola (miv)
- Nomena
- Tsirin-teny Mpanao – Malaza amin'ny fidinana (miv)
- Tanàna any Avaratra – Mpanondro (miv)
- Fitaoavana fanoratana
- Ao amin'ny vatana – Eny, Ekena
- Lalam-pirenena – Reraka – Fanafody famonoana biby
- Tsy tsaroany – Sakafo (miv)
- Ahatazanana

Mitsangana

- Mpitondra fanjakana B. Akàna vao mitombo – Lena (BL)
- Ray Tsitoha E. Vahoaka ety an-tany F. Ao amin'ny Baiboly (miv)
- Tampisaka – Fototeny'ny faminaniana
- Omena torolalana – Sofa (miv)
- Tonia, tompon'andraikitra mivantana (miv)
- Niasa, Nanatanteraka – Namonjy any an-trano (miv)
- Lafin-toerana

Valiny Teny mifanaraka 0439

Mitsivalana

- Manahirana
- Adisanina
- Do - Tiany
- Anana - Inty
- Irery - As
- Hafarana
- Ditra - Toy (miv)
- Az - Tokana
- Anay (miv) - Trosa

Mitsangana

- Manadihady B. Adino - Azia
- (Teni)ny - If - Tn E. Asandratra
- Haja - Eroa
- Ino - Kary (miv)
- Ririnina I. Anona - Anio
- Na - Tia - Soa
- Vitsy - Ta

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Afima, Njaka

Ny filoha Marc Ravalomanana, nanatrika ny lamesa lehibe teny Soamandrakizay, nametrahana tamin'ny Fiketrahana Masina ny Arsevekan'ny Arsidiosezin'Antananarivo vaovao, sady namaranana koa ny JNE 2023.



Serge Imbeh Jovial, anisan'ny nanatrika ny fihonnan'ny filoha Marc Ravalomanana, tamin'ireo diaspora tany Frantsa, farany teo.

